Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
25/03/2023 hatramin'ny 01/04/2023

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **SAKAIZA** (Antohamadinika) 034 92 159 03/032 12 002 03
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1417-03-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

ANTSO FIARAHAMONINA KRISTIANA (AFK)

Lesoka lehibe ny tsy fanomezan-danja ny seha-pikarohana

Eny amin'ireo sekoly ambony, indrindra any amin'ireo tsy miankina amin'ny fanjakana, dia maro ny fikarohana ampanaovina ny mpianatra. Maro araka izany ihany koa ireo tetikasa mivoaka avy amin' izany. Misy amin'ireo sekoly sasany no mampahafantatra izany tetikasa voakaroky ny mpianatra ao aminy izany isantaona. Ny tsikaritra, saiky ny ankamaroan'izy ireo dia mifandraika amin'ny olana sy ny filan'ny firenena avokoa eo amin'ny sehatra maro samihafa. Izany hoe, tetikasa mitondra vahaolana avokoa ary tena ilain'ny fiarahamonina sy ny firenena no entin'izy ireo. Ny hita koa anefa, dia tsy mba mihevitra ny fifandraisana amin'ireny sekoly ambony ireny mihitsy ny fanjakana, indrindra eo amin' izay seha-pikarohana vitan'ny mpianatra izay. Hany ka miady irery ny tomponandraikitry ny sekoly amin'ny fanatanterahana ny pitsopitsony ara-taratasy rehetra amin'

ny fomba iarovana ny tetikasan'ny mpianatra ao aminy, indrindra ireo mendrika izany. Any ivelany anefa, amin'ireo firenena mandroso sy matanjaka, dia ezahin'ny fitondrana mihitsy ny mifandray amin'ny sekoly toy ireny sy mitily ireo voka-pikarohana na tetikasa ilainy sy mampandroso ny fireneny. Mazava loatra, fa misy fahabangana na lesoka lehibe mihitsy amin' ity sehatra ity eto amin'ny firenena.
Tsy eo anivon'ny sekoly ihany anefa no misy izay seha-pikarohana ilain'ny firenena izay, fa na eo anivon'ny fiarahamonina ihany koa. Ahitana na ahenoina izany avy amin'ny sokajin'olona maro samihafa. Manao izany ny Malagasy na dia tsy omena toerana na lanja amin'ny fampandrosoana ity firenena ity aza. Iaraha-mahalala mantsy, fa mirona be dia be amin'ny vahiny hatrany ny mpitondra na eo amin'ny famatsiambola na fampiasam-bola, na amin'ny sehatra famoronan'asa. Ireo seha-pikarohana na tetikasa vitan'ny mpianatra amin' ny sekoly ambony na ireo eny amin'ny fiaraha-monina anefa, dia tena harena be tokoa ary fototra iray ho amin'ny sehatra famoronan'asa eto amin' ny firenena. Ahafahana ihany koa izany, mazava loatra, miàla amin'ny fiankinan-doha amin'ny any ivelany. Mila manova fomba fijery sy toe-tsaina ary politika fampandrosoana araka izany ny mpitondra na izay mikasa hitondra firenena. Manankambara sy atolotra ny amin'izany koa anefa ny Vovonana AFK, izay tsy antokom-pivavahana na fiangonana, ary tsy manao politika.

Aris

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 428



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0427)

Mitsivalana
- Sambatra
- Avia
- BOA – Mi
- Niasa
- Tadidiny
- Sir(a) – Rano (miv)
- Adidy (miv) – OO

Mitsangana
- Sabotsy
- Avo – Dia (miv)
- Miandry
- Bà – Il
- Kadoa
- TV – Sin(y)
- Manao
- Ady
- Ory (miv)

Anosibe Angarangarana

Mpanasa lamba miisa 200 nizaran'ny SK Association fampitaovana

Nahazo koveta, "Seau", borosy, lovia, zinga isaky ny olona ireo vehivavy mpanasa lamba miisa 200, etsy amin'ny Fokontany Angarangarana Anosibe ny Alakamisy maraina teo. Hetsika ara-tsosialy nokarakarain'ny fikambanana "SK Association", ho fanampiana ara-pitaovana ireo renim-pianakaviana mpanasa-lamba, mba hahafahan'ireto farany miatrika ny asa fivelomany. Nanazava Andriamatoa Fitiavanjanahary Stephanie Kennedy, Tale jeneralin'ny fikambanana "SK Association", fa nosafidian'izy ireo ny vehivavy mpanasa lamba, satria ireto farany no mahery fo misahirana mitady vola sy mamelona ny ankohonany ao antokantrano. Nanohy fanazana ny Tale jeneralin'ny "SK Association", fa ny vahaolana ara-tsosialy ho an'ny mpiara-belona no tanjon'ny fikambanana, ankoatran'ny fampiroboroboana ny sehatra fambolena sy fiompiana ary ny jono, mba hiteraka asa ho an'ny tanora sy ny olona marefo ara-pivelomana. Nijoro tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny taona 2019 ity fikambanana ity ary miisa 1500 ireo mpikambana ao amin'ny "Sk Association" manerana ny Nosy.

Franck Razakambelo

Ny SK Association, tetsy Anosibe Angarangarana.

TENY MIFANAPAKA **N° 428**



Mitsivalana

1. Tokony ho hainao **2.** Mpanondro – Daroka (miv) – Bibilava **3.** Seho – Antsasaky ny fito **4.** Eny (mi) – Solfa – Mando **5.** Fitaovana samihafa – Haja sy voninahitra (miv) **6.** Lavitra – Haingo **7.** Mampisafidy – Avy amiko **8.** Atao @ sakafo (miv) – Banky **9.** Havana – Mitovy **10.** Mpanondro – Abidia – Lakroa

Mitsangana

A.Fitarafana **B.** Ao ambadikareo **D.** Varahina, volamena – Tsofoka **E.** Efa antitra – Mandà **F.** Lolo – Anisan'ny naoty **G.** Iray sy iray – Hita amin'ny biby **H.** Efatra Romana – Tsipahanay **I.** Foto-tongotra – Indry, ise **J.** Tsy tsaroako – Ariary **K.** Atody – Mandrara – Tsy sahy intsony

Valiny Teny mifanaraka 0427

Mitsivalana
1.Korontana **2.** Adala - Vono **3.** Mitempo - Ti **4.** Aorian(a) **5.** Oviala - Ala **6.** Ti (ona) - Sikina **7.** Tale (miv) - Aho **8.** Ny - NB - Vata (miv) **9.** Dadakely **10.** Mahay

Mitsangana
A Kambotenda **B.** Ody - Vilia **D.** Ratsy - Do **E.** Elo (miv) - Antsa (miv) **F.** Namaly - BK **G.** Poaka - EM **H.** Rova (miv) - Ala **I.** No - Hitanay (miv) **J.** Antalaha **K.** Anio (miv) - Ovay